ANKOLAFY RAVALOMANANA

FANAMBARANA

Eto am-piandohana dia hamafisinay etoana ny fitohizan'ny tolona iaraha-manana amin'ny Ankolafy Zafy sy ny Ankolafy Ratsiraka.

1/ Fitsarana raharaha 7 Febroary 2009 :

-Hadalana ny nandaniana andro namerina ny fitsarana ny raharaha 7 febroay tamin'ny 07 jolay teo satria ny didim-pitsarana tamin'ny volan aogositra 2010 ihany no nohamafisina

-Fitsarana pôlitika entina hisakanana fotsiny ny fodian'ny Filoha Marc RAVALOMANANA sy hanapepoana ireo mpomba azy.

2/Filankevi-pilaminana sy fandriampahaleman'ny Vondrona Afrikana (CPS/UA) ny 6 sy 7 jolay 2011:

-Tsy nisy fanapahan-kevitra noraisana momba an'I Madagasikara nanditra izany fivoriana izany tany Addis-Abeba

-Rava ny tondrozotra novolavolain'I Leonardo Simao sy Salomao satria tsy nanaja ny tapaky ny Filoham-pirenena anatin'ny SADC tany Sandton ny 11 sy 12 Jiona lasa teo.

-Ny Lehiben'ny mpanelanelana Atoa Joaquim Chissano mihintsy no nitsipaka io tondrozotra io tamin'ny filazany fa mahazo mody izao dia izao tsy misy fepetra ny Filoha Marc Ravalomanana.

-Miandry ny fanapahan-kevitry ny CPS/UA izay tokony hatao ny alakamisy 14 jolay izao. Antenaiana sahady fa tsy hifanalavitra amin'ny tapaka tany Sandton.

3/Fifidianana

-Tsy misy antenaina amin'izay fifidianana karakarain'ny Mpanongam-panjakana samirery eto. KRIZY VAOVAO NO HATERAK'IZANY satria tsy nifanarahan'ny Malagasy rehetra.

-Fampandriana adrisa fotsiny ny filazan'ny FAT fa hanao fifidianana (effet d'annonce).

-Hampatsiahivina ny fanambaran'ny Vondrona Eropeana (Union Européenne) fa tsy matoky fifidianana karakarain'ny mpanongam-panjakana izy.

4/ Fitatanam-panjakana gaboraraka:

-Maty sy maratra ary voaroba etsy sy eroa, nefa tsy misy vahaolana mahomby atolotry ny FAT, nefa ny manao SMS sy tsaho-baomba dia mampigadra olona haingana.

-Ataon'ny FAT sy ny forongony tantely afa-drakotra ny harem-pirenena, na ambony na an-kibon'ny tany ka tsy azo ekena intsony. Hamafisinay ny ezaka sy ny antso avo efa nataon'ny Filoha ZAFY Albert hatrizay mikasika izay.

Antananarivo faha -11 Jolay 2011

Amin'ny anaran'ny Ankolafy RAVALOMANANA

Rolland RAVATOMANGA

Manandafy RAKOTONIRINA